Tsy efa nomen'I Allah zavatra ahafahanareo mamoaka Swadakah koa va ianareo? Ny Tasbiih (fitenenana Sobhaanallaah) dia Swadakah avokoa, ny Takbiir (fitenenana Allaaho akbaro) dia Swadakah avokoa, ny Tahmiid (fitenenana Alhamdolillaah) dia Swadakah avokoa, ny Tahliil (fitenenana Laa ilaaha illal-llaaho) dia Swadakah avokoa, ary fanirahana amin'ny tsara dia Swadakah, fandrarana amin'ny ratsy dia Swadakah, ary ny firaisana ara-nofo amin'ny vady dia Swadakah

Tatitra azo avy tamin'i Abo zarri (R.A) : Hoy Abo Zarr (RA) ihany koa hoe : Nisy andian'olona tamin'ireo mpanara-dian'ny Irak'I Allah (SAW) no niteny taminy nanao hoe : Ry Irak'I Allah! Lasan'ireo mpanan-karena daholo ny valisoa; satria manao Swalat tahaka anay manao Swalat izy ireo, ary mifehy ohatra anay mifehy, saingy mbola mamoaka Swadakah amin'ny ambin-karenany koa izy ireo. Dia hoy i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Tsy efa nomen'I Allah zavatra ahafahanareo mamoaka Swadakah koa va ianareo? Ny Tasbiih (fitenenana Sobhaanallaah) dia Swadakah avokoa, ny Takbiir (fitenenana Allaaho akbaro) dia Swadakah avokoa, ny Tahmiid (fitenenana Alhamdolillaah) dia Swadakah avokoa, ny Tahliil (fitenenana Laa ilaaha illal-llaaho) dia Swadakah avokoa, ary fanirahana amin'ny tsara dia Swadakah, fandrarana amin'ny ratsy dia Swadakah, ary ny firaisana ara-nofo amin'ny vady dia Swadakah". Dia hoy izy ireo hoe : Raha manatanteraka ny filam-batany (miaraka amin'ny vadiny) ve ny anankiray aminay dia ahazoany valisoa izany? Dia hoy izy hoe : Hitanareo! Raha nataony amin'ny làlana fady izany, tsy mahazo fahotana ve izy? Toraka izany ihany koa, raha ataony amin'ny làlana mety, dia ahazoany valisoa".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nitaraina tamin'ny Mpaminany (S.A.W) ireo mpanaradia mahantra momba ny toe-piainany sy ny fahantrany, ary ny tsy fananan'izy ireo fahefana mamoaka Swadakat mba hahazoana ny valisoa be toy ny rahalahiny izay manan-karena, satria manao asa soa toa azy ireo. Izany hoe mivavaka toy ny azy ireo, ary mifady hanina tahaky ny ataontsika mifady hanina, ary mamoaka fanomezana amin'ny ambim-bolany, fa isika kosa tsy mba manao swadaka! Notarihin'ny Mpaminany (S.A.W) ho amin'izay azony omena amin'ny swadaka izy ireo, ka hoy izy : Tsy efa nomen'Allah anareo ve izay atolotrareo ho swadaka ho an'ny tenanareo?! Satria ny filazanareo hoe : (Soubhanallah - Voninahitra ho an'Allah) dia efa valisoa amin'ny

Swadakat, ary toy izany koa ny filazana hoe : (Allahou Akbar - Allah no lehibe indrindra) dia swadaka, ary ny filazana hoe : (Alhamdoulillahi - fisaorana anie an'Allah) dia Swadaka, ary ny filazana hoe : (Lailaha Illallahou - Tsy misy tompo afa-tsy Allah) dia Swadakat, ary (famporoisihana amin'ny fanaovana tsara) dia Swadaka, ary (mandrara amin'ny ratsy) dia Swadaka, ary na dia manao firaisana amin’ny vadiny aza ny iray aminareo, dia Swadakat. Talanjona izy ireo ka niteny hoe : Ry irak'Allah ô, afaka manatanteraka ny faniriany ve ny iray aminay ka mahazo valisoa amin'izany?! Namaly izy : tsy hitanareo ve fa raha nampiasa izany tamin’ny zavatra voarara izy tamin’ny fijangajangana na zavatra hafa, dia ho meloka izy? Toy izany koa, raha mametraka izany amin'ny zavatra ara-dalàna izy, dia hahazo valisoa.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4558